# Inona no *Hataonao* Raha Misy Misotro Toaka?

## 1

**Miaraka manao fety kely ianao sy ny ankizy hafa, dia hitanao hoe misy misotro toaka nefa tsy ampy taona akory.**

### Inona àry no hataonao?

## ERITRERETO IZAO:

HOY NY BAIBOLY: **"Malina izay mahatsinjo ny loza ka miafina, fa ny tanora fanahy kosa mbola miroso ihany ka voa."**
**—Ohabolana 22:3.**

### Saintsaino io andininy io, dia valio ireto fanontaniana ireto.

Inona no mety hitranga raha mbola mijanona ao ihany ianao?

_____

_____

Ahoana no fomba tsara hialanao eo, amin'izay ny namanao tsy hiteniteny be anao na hanesoeso anao?

_____

_____

_____

Ilay hoe esoesoina ve no *tena* tsy zakanao?

_____

_____

## SOSO-KEVITRA

Resaho mialoha ny ray aman-dreninao hoe hiantso an-dry zareo na handefa SMS amin-dry zareo ianao, raha mila miala aloha.

Rehefa mamonjy fety iray aho, inona no hataoko raha misy ankizy misotro toaka be loatra any?

_____

_____

_____

_____



www.jw.org © 2016 Watch Tower Bible and Tract Society of Pennsylvania

# 2

Teren'ny ankizy hisotro toaka ianao.

## Inona àry no hataonao?

**ERITRERETO IZAO:**

HOY NY BAIBOLY: 'Lasa mpanompon'izay ankatoavinao ianao.'—Romanina 6:16.

### Saintsaino io andininy io, dia valio ireto fanontaniana ireto.

Inona no hitranga raha tsy hentitra ianao milaza hoe tsy hisotro?

_____

_____

Nahoana no tsy ho voatariky ny namanao hisotro ianao raha matoky tena?

_____

_____

_____

## SOSO-KEVITRA

Eritrereto mialoha izay havalinao. "Izao matetika no lazaiko: 'Mbola tsy izao aloha an!' Dia tsy manery sy tsy manontanintany an'ahy intsony ry zareo."—Brianna.

Inona no hoteneniko amin'ny ankizy manery ahy hisotro?

_____

_____

_____



www.jw.org © 2016 Watch Tower Bible and Tract Society of Pennsylvania

# 3

Miaraka mandeha fiara amin'ny namanao ianao, dia hitanao hoe efa nisotro ilay mitondra fiara.

## Inona àry no hataonao?

## ERITRERETO IZAO:

HOY NY BAIBOLY: "Ho hendry izay miaraka amin'ny hendry, fa hahita loza kosa izay minamana amin'ny tsisy saina."
—Ohabolana 13:20.

### Saintsaino io andininy io, dia valio ireto fanontaniana ireto.

Inona no mety hitranga raha avelanao hanatitra anao mody izy?

_____

_____

Inona anefa no azonao atao?

_____

_____

_____

Nahoana no mety hanampy an'ilay mitondra fiara sy ny ankizy hafa ilay zavatra ataonao?

_____

_____

## SOSO-KEVITRA

Fantaro mialoha sao ilay ankizy malaza hoe mpisotro no hitondra fiara. Raha izany no mitranga, dia tsara raha efa mieritreritra fomba hafa hodiana ianao.

Inona no hataoko raha efa nisotro ilay olona mitondra fiara?

_____

_____

_____



www.jw.org © 2016 Watch Tower Bible and Tract Society of Pennsylvania